# N Y FIHEVERANA NY HAFA AMIN'NY FO TOKOA DIA MANOME NY TSIRAIRAY HANANA ANJARA HIAINA SY HITOMBO



Hatramin'ny naha tao amin'ny Coup de Pouce Universitaire (CPU) ahy any Lyon, mahafantatra isan'andro isan'andro aho hatraiza ny firotsahako mitantana ireo mpianatra vahiny no mifono zavatra tsy ampoizina mahatalanjona : mampisokatra amin'izao tontolo izao izany. Ny fifanakalozan-kevitra amin'ny lafiny rehetra dia feno fanajana mandrakariva, feno fahalinana, ary saika mahakasika ny arapanahy matetika. Misy ihany koa ny fifanompoan'ny samy tanora amin'izy samy izy sy ny fifampiheverana, rehefa any amin'ny « toeram-pividianana sakafo sy fihinanana » (''cafeteria') . Eny, miasa am-panetren-tena ao amin'io toerana io fa mazava ho azy ho an'ny fiadanana !

Mipetraka ato amiko mandrakariva fanontaniana iray: ahoana no tena ifantohako bebe kokoa amin'ireo izay ankinina amiko mandritra ny ora vitsivitsy isan-kerinadro?
Mampianatra frantsay ho an'ireo mpangataka fifindra-monina indrindra no tena ataoko. Vao manomboka mianatra ny teny frantsay izy ireo. Manana mari-pahaizana bakalôrea izy ireo farafahakeliny ary ny sasany aza efa nahavita taona 1 na 2…6 tany amin'ny ambaratonga ambony tany amin'ny fireneny! Fantatro fa tsy mora ny fiainan'izy ireo "aty amintsika", tsy an'asa, trano fonenana tsara, tsy mahaleo tena ary miandry mandrakariva ny valin-tenin'ny fanjakana amin'ny fangatahana taratasy ara-dalàna.Rehefa mihaino olona aho, miezaka miantso azy ireo amin'ny anarany na dia sarotra aza ny fanononana azy! Izany hoe ny CPU dia toerana iray ahafahan'izy ireo maneho ny fisianay tahaka ireo mpianatra hafa, araka ny maha-izy azy, ary tiako kokoa noho ireo mpiantra "tsotra" avy Sinina, Taïwana,kôlômbia na Iran izay mifangaro amin'izy ireo mba hianatra miaraka aminy hianatra frantsay na tonga mialoha izy ireo hisotro kafe na dite. Dia tafaraka ao amin'ny toerana fialana voly ny rehetra…
Ny fitantanako dia tsy mahakasika ny "fifindra-monin'izy ireo", izay mandray ny antota-taratasy fangatahana, tsy manana fanontaniana ny amin'ny antony ahatongavany eto Frantsa aho. Ny anjarako dia ny manampy azy ireo hianatra teny frantsay.Ny fahazoana am-bava dia haingana ny fandrosoana fa ny fahaiza-manoratra no tena "henjana"!Mandritra ny adiny 7 sy sasany, mila miara-paly izahay, ohatra ny "tsy manana zavatra ahina".
Tsikelikely dia mitombo ny fahatokisana ka tsy miteny intsony ny tantarany izy ireo fa te hahafantatra ny firenentsika, ny kolon-tsaina ary hitondra avy eo ny anjara birikiny.Raha bangoina, mandrafitra fifandraisana.Endrey ny hafaliana mifampizara sakafom-pety izay hahafahany mampanandrana ny nahandro mampiavaka azy voaomana andro mialoha!
Mandray ihany koa ny ahiahin'ny ho an'ny ampitso ny fitantanana ataoko. Na dia tsy afaka maneho izany amin'ny teny aza izy ireo dia hita soritra eny amin'ny endriny. Zava-tsarotra ianarana amin'ny fotoana mitohy izany satria ny fiainanay manokana dia voakorontan'ny zava-miseho isan-karazany tena maika. Tsy maintsy mandray am-paharetana ny tsy maha eo azy ireo aho ary tsapako fa tiany rehefa manantitrantitra aho ny tokony hahatongavana satria zava-dehibe, nalahelo anao aho omaly. Matetika aza miantso aho mba handrenesany fa miandry azy aho… dia tonga izy ireo! Na ihany koa mihaino sy mamaly ny antso vonjy resaka arataratasy ilàna ny fahaizana kely ananantsika. Ny sasany nilaza tamiko hoe "Ramatoa Dominique, mpisolo vava nangataka…" dia fantantr'izy ireo izay nangatahany ho an'ny atontataratasy, tsy manana hevitra ambadika izy ireo…ka mba hampitony dia nofintininay hoe: "Raha ilaina dia hanoratra any amin'ny Filohan'ny Repôblika isika!". Nandeha nijery ilay fianakaviana aho, nanao ilay fanamarinana nangatahina, ary nasian'ny CPU fitombokase.
Noho izany, ny maha-mpinamana, ny fiheverena ny hafa amin'ny fo tokoa ary ny fifanajana amin'ny andaniny sy ny ankilany, manome ny tsirairay ny anjara hiaina, hitombo,ary raha azo atao miaraka amin'ny hafaliana kely, eo amin'ny tontolo izay tsy manolotra fanomezana ho azy ireo.

**Masera Dominique Marie (FRANTSA)**